

NY TENY FIAINANA

"Izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana amin'ny finoana, hanehoana ny fahamarinany amin'ny tsy namalian'Andriamanitra ny fahotana lasa tamin'ny nandeferany."

Romana 3:25

FIFANTSANANA « COUPE DU MONDE 2026 »

Amin'ny 17 novambra no hihaona i Ghana sy Madagasikara

Amin'ny 17 novambra 2023 izao amin'ny 04 ora hariva (7 ora hariva eto Madagasikara), ao amin'ny kianja « Stade Baba Yara - Kumasasi Ghana », no hihaona eo amin'ny andro voalohan'ny fifantsanana ny « Coupe du Monde 2026 » amin'ny baolina kitra ny Black Star - n'i Ghana sy ny Barea de Madagascar. Marihana fa ao amin'ny Vondrona I miaraka amin'i Mali, Ghana, Centrafrique, Comores, Tchad i Madagasikara, amin'ity fifantsanana ity.

Rainilita



Basket N1A, 2023

Anio sabotsy ny ankatoky ny famaranana

Raha tanteraka omaly zoma 27 oktobra 2023 ireo lalao 1/4-dalan'ny fifaninanana basikety, fiadiana ny ho tompondakan'ny Madagasikara N1A sokajy vehivavy tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanja-

hantena Mahamasina, ka nifanandrinan'ny Mb2All Analamanga sy Serasera Vakinankaratra, ny Tgbc Betsiboka sy Fandrasa Matsiatra Ambony, ny Jea Vakinankaratra sy Ankaratra Vakinankaratra, ny

Gnbc Analamanga sy Ascute Atsinanana ary tamin'ny alakamisy 26 oktobra 2023 teo, no nana-tanterahina ny fifantsanana farany hoan'ny sokajy lehilahy, ka nahazoana ny vokatra : Sbc

Vakinankaratra 47 - 78 Cospn Analamanga, Bcb Boeny 64 - 84 Ascute Atsinanana, Mbc Atsinanana 62 - 72 Tgbc Betsiboka, Fanalamanga Alaotra Mangoro 64 - 114 Gnbc Analamanga ka nanome ny filaharana ankapobeny raikitr'ireo ekipa 8 nandray anjara taorianan'io alakamisy io : 1°-Ascute Atsinanana isa 13 (+8), 2°-Gnbc Analamanga isa 13 (-1), 3°-Cospn Analamanga isa 13 (-7), 4°-Tgbc Betsiboka isa 11 (-100), 5°-Bcb Boeny isa 9 (+4), 6°-Mbc Atsinanana isa 9 (-4), 7°-Fanalamanga Alaotra Mangoro isa 8 (+5), 8°-Sbc Vakinankaratra isa 8 (-5) dia androany sabotsy 28 oktobra kosa no hanatantehana an'ireo ankatoky ny famaranana rehetra eo amin'ireo sokajy ireo.

Rainilita



Basket N1A, 2023.

Kianja Makis Andohatopenaka

Hifandrindran-dalana ny lalao Rugby à 7 sy rugby à 11



Handray lalao rugby à 7 sy rugby à 11 miaraka ny kianjan'ny Makis Andohatopenaka anio sabotsy 28, sy rahampitso alahady 29 oktobra 2023, ao anatin'ny hetsika fanamarihana ny faha-40 taonan'ny Cosfa Miamila. Ho maimaim-poana ny fidirana eny amin'ny kianja Makis amin'ireo roa andro ireo, ka anio sabotsy 28 oktobra no hanomboka ny fifantsanana « Tournoi Rugby à 7 » ary rahampitso alahady 29 oktobra kosa vao tena hifandrindran-dalana ny « Tournoi rugby à 7 » sy ny « Rugby à 11 Championnat fédéral 2 » Fandaharam-potoana alahady 29 oktobra : 08 h 30 - 10 h 30 : fifantsanana rugby à 7, 11 h 00 : « Rugby à 11 Championnat fédéral 2- XV Family Vondrona # Afa Ankazomanga. 13 h 30 : Famaranana rugby à 7.

Rainilita

Sakafo My Valosoa



Henomby sy karaoty indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ritra izany, azo atao rony koa. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOAO sy Mahaso

Misoroka ny fahanteran'ny hoditra ny atody sy vahona

Misoroka ny fahanteran'ny hoditra ny atody sy ny dintina vahona, io indray no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany.

Zavatra ilaina :

-atody manta 1 rehefa atody dia mety.

-dintina vahona 1 sotrokely. Afangaro ireo dia 15-20min ny faharetany amin'ny tarehy, kobanina amin'ny rano matimaty avy eo. Atao in-3 isak'herinandro.



NY VALOSOAO sy Mahaliana

Tanànan'Ampasimbe Onibe distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ampasimbe Onibe distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimbe Onibe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny vomanga, ny voankazo: toy ny manga, ny letchi; ny jirofo, ny kafe. Misy mpanjono koa ny mponina any an-toerana, ankoatra ny mpamboly sy mpiompy.

